



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-23

**FANOLORAN'NY BIRAO MAHALEOTENA MIADY AMIN'NY
KOLIKOLY NA BIANCO AMIN'NY FOMBA OFISIALY NY TATITRA
MIKASIKA NY ASA VITANY NANDRITRA NY TAONA 2019**

Fivoriana faha-10
Natao ny
Alarobia 13 Novambra 2019
- Tolak'andro -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré
- Ramatoa MICHELLE Bavy Angelica

FOTOANA: Alarobia 13 Novambra 2019 tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, tolak'andro.

FANDAHARAM-POTOANA: Fanoloran'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly na BIANCO amin'ny fomba ofisialy ny tatitra mikasika ny asa vitany nandritra ny taona 2019.

Nitohy ny Alarobia 13 Novambra 2019 tamin'ny 4 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nanamarika fa somary mahalankalana ny toerana noho ny andraikitra raisin'ny Solombavambahoaka amin'izao fotoanan'ny fampielezan-kevitra amin'ny fifidianana izay ho Ben'ny Tanàna izao.

Taorian'izay, niangavy an'Andriamatoa ANDRIANIRINA Laza, Tale Jeneralin'ny BIANCO, Ramatoa Filoha, mba hanatanteraka ny tatitra satria araka ny voatondro, androany no fotoana hanolorana izany eto amin'ny Antenimierampirenena.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa alohan'ny hiatoan'ny fivoriana vao manome ny anarany ny Solombavambahoaka mba hanamarinan'ny Mpitantsoratra ny fahatongavany.

Rehefa izany, niditra avy hatrany tamin'ny fandaharam-potoana ny mpivory izay hitondran'Andriamatoa Tale Jeneralin'ny BIANCO ny tatitra mikasika ny asa vitany nandritra ny fotoana nandraisany izany andraikitra izany.

Nohamafisiny fa araka ny andininy faha-43 ao amin'ny lalàna laharana faha-2016-020 tamin'ny 28 Aogositra 2016 mikasika ny ady amin'ny kolikoly, milaza fa ny Tale Jeneralin'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly dia manao tatitry ny asa vitany isan-taona any amin'ny Filohan'ny Repoblika sy ny Parlemanta.

Taorian'izany, nomena an'Andriamatoa ANDRIANIRINA Laza, Tale Jeneralin'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly ny fitenenana hitondrany ny tatitra.

Nambaran'Andriamatoa Tale Jeneraly, fa fotoana hifampizarana ireo zava-nisy nandritra ny taona no hanaovany tatitra eto anoloan'ny Parlemanta.

Nohamafisiny fa dimy taona no fe-potoana iasan'ny Tale Jeneralin'ny BIANCO. Telo volana izay no nandraisany ny asa; maro ireo zavatra vita, toy izany koa ny mbola hatrehina sy hosahanina. Fifanolorana sy fifampizarana ary fifanankalozan-kevitra no hatao ary raha misy soso-kevitra na fanontaniana avy amin'ny olom-boafidy, vonona ny hamaly izy sy ny mpiaramiasa aminy raha ilaina izany.

Nomarihany fa tamin'ny taona 2004 no nanorenana ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly na ny BIANCO, izany hoe 15 taona izay no nisiany. Heverina fa efa manana fahamatorana izy amin'ny asa ataony raha ny fotoana nitsanganany no jerena.

Singa sy fitaovana iray entina ametrahana tany tan-dalàna no antom-pisiany raha ny tena marina.

Zavatra telo no fototra mampijoro azy: ao ny fanabeazana ny olom-pirenena, ny fisorohana hialana amin'ny kolikoly ary ny fampiharana ny lalàna avy amin'ny fanadihadiana natao.

Narafitra hiasa ao anaty paikadim-pirenena na "stratégie nationale de la lutte contre la corruption" ity Birao Mahaleotena ity ary misy milaza, fa fanadihadiana momba ny kolikoly no antony mampijoro ny birao. Diso izay filazana izay satria mifototra amin'ireo zavatra telo voalaza etsy ambony ny asa atao ao aminay.

Efa nampahanfantarina ny olona ny fahadisoany vao afaka miroso amin'ny fanadihadiana lalina izahay. Noho izany, tsara raha ampahalalaina etỳ amboalohany ny atao hoe kolikoly mba hisorohana ireo fihoaram-pefy mety hiseho. Raha misy minia mandika izay zavatra efa nampahafantarina azy, tsy maintsy miafara amin'ny famaizana izany.

Ahitana sampana 6 ny BIANCO eto amintsika; misy mpiasa miisa 200 ny ratsamangaika ato aminay. Misy amin'ireo misahana ny fanadihadiana satria efa natambatra amin'izao fotoana izao ny asa momba ny fanabeazana sy fisorohana ary misy fanohanana ireo rafitra ireo mba ahafahany manatanteraka antsakany sy andavany ny asa ankinina aminy, indrindra ny fitantantana sy fikajiana arak'olona na ny "Administration financière" sy ny "ressources humaines".

Momba ny rafitra fisorohana, zava-dehibe io ady amin'ny kolikoly io, tsy anavahana fa tafiditra ao anatin'ny avokoa ny sehatra rehetra miankina na tsia amin'ny Fanjakana. Napetraka ny "cellule anti-corruption" isaky ny Minisitera mba entina miady amin'ny tsy rariny.

Eto amin'ny Antenimierampirenena ohatra, efa hisy ny volavolan-dalàna momba ny "éthique et déontologie" na antsoina koa hoe: tandro hasina amin'ny lafiny mahaolona sy fifampifehezana mikasika ny asa hapetraka ato aminareo. Raha misy lafiny ara-teknika ahafahana mifanampy, vonona amin'izany izahay. Midika izany fa misy fiaraha-miasa eo amintsika roa tonta amin'ny fanaovana an'izay tolo-dalàna izay.

Matoky izahay fa tsy hatao rijan-teny fotsiny izany, fa hampiharina amin'izay tsy manara-dalàna, eny fa na ianareo samy ato amin'ny Antenimierampirenenana aza. Mety hisy fanasaziana ao anatin'io rafitra io. Manantena izahay, fa hanaja izany isika mpikambana ato amin'ity Andrimpanjakana ity, fa tsy hanao tsinontsinona izany rehefa tonga ny fampiharana azy.

Miangavy anareo mba hanao izay volavolan-dalàna izay izahay.

Mikasika ny rafitra fanabeazana; tany aloha efa nisy mpikambana tato amin'ny Antenimierampirenena niditra tao anatin'ny ary nampahalala ireo fandikan-dalàna rehetra io rafitra io. Mitaky fiovam-pihetsika eo amin'ny tsirairay izany. Afaka miditra izay rehetra manam-paniriana te-hahalala ireo zavatra niova tao anatin'io rafitra io.

Tamin'ny taona 2006 no nohavaozina ny resaka momba ny fisorohana fandikan-dalàna rehetra mety hitranga teto amintsika.

Miainga amin'ny alalan'ny fitarainana ny fanadihadiana hoy Andriamatoa Tale Jeneralin'ny BIANCO. Tokony hifanaraka amin'ny voalazan'ny lalàna io fitarainana io, kolikoly tokoa ve sa zavatra hafa mba ahafahana miditra lalina amin'ny fanadihadiana. Raha adika amin'ny teny vahiny dia antsoina hoe: "Rapport de Première Information" na RPI.

Raha ny tena ady amin'ny kolikoly, tsy manana fahefana mitovy amin'ny "Officier de Police Judiciaire" na OPJ ny mpiasan'ny BIANCO, fa ny Tale Jeneraly irery ihany no omen'ny lalàna fahefana momba izany; izy indray avy eo no manome fahefana ny mpiasa hanao ny fanadihadiana.

Rehefa misy endrika kolikoly ao anatin'ny fitarainana, atao ny RPI, ka ny lalàna laharana faha-2016-020 no manome alalana ny Tale Jeneraly hanokatra fanadihadiana. Manome "mandat" ny mpiasan'ny BIANCO hanatanteraka ny asa araka ny tokony ho izy ny Tale Jeneraly, tsy manana kalitao OPJ izy ireo, fa manao ny asa napetraka taminy ihany. Mikatsaka ny marina no atao'izy ireo, mitovy amin'ny Zandary sy Polisy, mikaroka ireo mpandika lalàna ka mivadika any aminy izay fahefana izay.

Rehefa tody soa aman-tsara amin'ny farany ny fanadihadiana, alefan'ny BIANCO any amin'ny rafi-pitsarana mahefa ireo antontan-taratasy ireo; ohatra alefa any amin'ny "Pôle Anti-Corruption" na ny PAC; eto Antananarivo no misy azy. Tsy manana zo hisintona ny fitarainana intsony ny Birao Mahaleotena, fa hatreo ihany ny andraikiny. Midika izany fa tsy afaka mampigadra izahay.

Antoka iray iadiana amin'ny kolikoly ihany koa ny fanambaram-panana. Nampahatsiahiviny, fa efa nahavita izany teny amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana ny mpikambana teto anivon'ny Antenimierampirenena. Lalàna no mametra izany; misy olona tsy maintsy manao azy io, ao ihany koa anefa ireo tsy voalaza, fa afaka manatanteraka izany mba hampadio azy eo anatrehan'ny lalàna.

Mikasa ny hametraka ratsamangaika manakaiky vahoaka isaky ny renivohi-paritany ny BIANCO satria zava-dehibe ho an'ny vahoaka ny fahafahantarany ny tokony hatao manoloana ny ady amin'ny kolikoly. Tsy azo hadinoina fa avy any amin'ny vahoaka ny fahefana ary nampitaina taty amintsika izay; noho izany, tsara raha ampahafantarina azy izay zavatra misy satria izy no andrianina.

Rafitra mpanao lalàna ny Antenimierampirenena, ka tokony ho ampahamendrehana no hanatanterahana izany eto amin'ity Andrimpanjakana ity. Tsy tokony hisy tambiny ireo rehefa mandray fanapahan-kevitra ianareo. Fifampitaizana no ilazana izany satria mety mahamenatra raha sanatria mitranga ny zavatra tsy mifanaraka amin'ny lalàna izay kirakiraina ato aminareo.

Teo ampamaranana ny teniny, nilaza Andriamatoa Tale Jeneraly, fa zava-dehibe ny fifanankalozan-kevitra. Tsara raha mifampiresaka mialoha mba ahafahana miara-miasa ampilaminana. Noho izany, misokatra ho an'ny rehetra ny varavaran'ny BIANCO, azo antsoina amin'ny fotoana rehetra ilana azy izy.

Nanamafy hatrany, Andriamatoa Tale Jeneraly, fa tamin'ny taona 2015 no nandraisany andraikitra momba ny ady amin'ny kolikoly ary nitohy tamin'ity taona 2019 ity izany ary hifarana amin'ny taona 2024. Betsaka ireo zavatra azo ifampizarana sy ifanampiana ao anatin'izay fotoana izay. Tsy hisy fijerena tavan'olona mandritra ny asa atao satria fitsinjovana ny ambanilanitra no tanjona, mba hiadana ny vahoaka.

Rehefa izany, nisaotra an'Andriamatoa Tale Jeneraly, Ramatoa Filoha, tamin'ny tatitra nataony ary nilaza fa afaka mametraka fanontaniana na manao fanamarihana na mandroso soso-kevitra ny Solombavambahoaka.

Nambaran'Andriamatoa DINAH Romual, fa manankarena isika amin'ny lafiny maro saingy nampahantrana noho izay resaka kolikoly izay, vitsy an'isa ireo olona mandala ny fahamarinana ka izay no mahabetsaka ny kolikoly.

Mangataka mba hasiana birao miady amin'ny kolikoly any amin'ny Distrikan'i Maroantsetra sy Mananara Avaratra satria anisan'ny faritra manam-bola noho ny voly fanondrana sy ny harena an-kibon'ny tany, raha tsy hilaza afa-tsy ny lavanila aho. Be loatra ireo mpanararaotra, ka tsy mipaka any amin'ny vahoaka ny tombotsoa tokony ho azony.

Tsy voaporofy ny kolikoly ambony latabatra satria ireo samy mpanao asa ratsy no miresaka, ka tsy hahita vavolombelona mihitsy isika ary aorian'ny fivoahan'ny fanadihadiana vao fantatra hoe: nisy kolikoly tao. Noho izany, tokony hanao varavarana misokatra ho an'ny vahoaka madinika ny BIANCO mba ahafantaran'izy ireo ny zava-misy marina.

Tsara raha manao velapandrika momba ny kolikoly ny BIANCO sy ny mpitandrofilaminana satria izay no fomba hita fa mety indrindra. Midina any ifotony ianareo manao fanadihadiana satria anisan'ny olona eto amintsika ny ady tany; ny tompony indray no mangataka ny atiny noho ny tsy fitovian-tsaranga sy ny tsy fitovian'ny fahalalana.

Miara-miasa amin'ny mpitsara ireo mpanao asa ratsy maka ny fananam-bahoaka madinika, ka izay no tokony hanaovana velapandrika mba hahatratrarana ny mpanao kolikoly.

Ny vahaolana, hoy izy, tokony hasiana fepetra momba ny fandraisana mpiasan-panjakana sy ireo manodidina izany satria raha misy olona mahazo famindran-toerana na "affectation" tamin'ny alalan'ny CODIS, lasa miakatra indray asany any amin'ny toerana andefasana azy. Tokony hiara-hiasa hatrany ny Solombavambahoaka sy ny BIANCO raha tena te-hiady amin'ny kolikoly isika mba hisorohana izany toe-javatra izany.

Tokony hampiana ihany koa ny tetibola iasany, hoy izy teo ampamaranana ny teniny.

Nanamafy kosa Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien, tamin'ny fandraisam-pitenenana nataony, fa ity kolikoly ity no miteraka ny fahantrana eto Madagasikara. Betsaka ny kolikoly mihatra amin'ny vahoaka madinika saingy tsy hitan'izy ireo izay hatao amin'ny mahamadinika azy. Mba hialana amin'izay, vonona ny Solombavambahoaka hanampy raha toa misy lalàna hapetraky ny BIANCO hialana amin'izay toe-javatra izay.

Manahirana ny fitsarana eto amintsika satria mbola vitsy ny mpitsara no nandalo fitsarana na misy aza ny "Pôle Anti-Corruption".

Kivy ny olona manana ny rariny satria resy tsy fidiny vokatry ny kolikoly. Tsapa fa misy tambazotra matanjaka mpanao kolikoly eto amintsika ka tsy ho hita mihitsy ny marina ka inona no vahaolana entinareo raha hiady amin'ny kolikoly marina isika.

Mikasika ny «*avoirs illicites*», inona no antony tsy nidiranareo BIANCO tamin'izany, maro ireo manam-pahefana teo aloha na mpiasam-panjakana ambony tsy nanao fanambaram-pananana kanefa manankarena tampoka saingy tsy fantatra hoe avy aiza no nahazoana izany. Tsy manana fahefana ve ianareo, toy ny any amin'ny firenena hafa; manjono an'ireo olona mpanao kolikoly avo lenta hamaizana azy tsy hanao izany intsony satria ny madinika hatrany no lasibatra.

Nohamafisiny ny momba ny hametrahana lalàna eto amin'ny Antenimierampirenena hisian'ny fifanampiana hiadiana amin'ny kolikoly na dia tsy manana izany fahefana tahaka ny OPJ izany aza ny BIANCO.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RASOLONIAINA Robert dia nangataka ny hisian'ny sampan'ny BIANCO any amin'ny Distrikan'i Mananara Avaratra satria anisan'ny manana tanjaka ara-toekarena eto amin'ny firenena ny toerana nahavoafidy azy. Miezaka hatrany ny vahoaka any hanatsara ny fiainany kanefa tratan'ny tsindry hazolena ataon'ireo mpanambola; vokatry izany, tsy hitany izay atao, fa manaraka ambokony izay lazain'ny manan-katao fotsiny izy ireo.

Mety hanahirana ny fametrahana ny sampan'ny BIANCO saingy tokony hojerena ireo Distrika hita fa be mponina sy manam-bola hametrahana izany satria tena andairan'ny kolikoly raha ny toerana misy anay no lazaina. Tsy misy fitsarana any Mananara Avaratra, fa any Maroantsetra no mamonjy izany, sahirana ny vahoaka satria tsy araka ny tokony ho izy ny zava-mitranga rehefa miatrika raharaha iray. Noho izany, mangataka mba hanara-maso akaiky mikasika an'io fitsarana io ny BIANCO.

Andriamatoa MOHAMAD Ahmad, indray nanamarika fa matotra ny BIANCO matoa feno 15 taona no nijoroany; noho izany, tokony hahay mametraka tsara ny paikady hisorohana ny kolikoly ianareo.

Niangaviany ny Tale Jeneralin'ny BIANCO mba hidina any ifotony sy hijery akaiky ireo zava-mitranga any ambanivohitra sy any amin'ny toerana hafa satria maro no manararaotra amin'ny tsy fanarahan-dalàna. Raisina ohatra amin'izany, ireo fiara tsy ara-dalàna kanefa tsy hitan'ny mpitandrofilaminana akory ary mety hitera-doza ka hahafaty olona mihitsy.

Tokony hampiasa olon-tsotra ihany koa ny BIANCO ankoatra ireo mpiasa 200 ireo satria mety hampahomby ny ady amin'ny kolikoly izany. Tokony ho afaka mampihatra lalàna ihany koa ny BIANCO, fa tsy mijanona amin'ny fanolorana ny raharaha eny amin'ny fitsarana fotsiny. Rariny raha hanana tetibola manokana toy ny any amin'ny firenen-kafa ianareo mba ahafahanareo manome tambin-karama ho an'ireo olon-tsotra izay afaka manome vaovao anareo mikasika kolikoly.

Nohamafisiny fa tokony hiara-hiasa amin'ny Solombavambahoaka ny BIANCO, mba hanatsarana ny asa atao amin'ny ady amin'ny kolikoly mandritra ny fe-potoam-piasana 5 taona manaraka iasany.

Nampahatsiahiviny koa ny "dossier" mikasika ny Lehiben'ny Faritra tany Analanjirofo teo aloha izay nahitana fitomboan-karena be loatra tamin'ny androny. Aiza ho aiza ny momba an'iny raharaha iny.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, nomarihany fa ny mpanam-bola ihany no tena iasan'ny BIANCO amin'ny sehatry ny fanabeazana, fa ny tsy manana sy ny tsy mahay taratasy kosa atao fakana vola hatrany. Noho izany, tokony hatao petadrindrina eny amin'ny biraon'ny Zandarimaria ny taratasy foronina rehefa hanao fitoriana ny olona, mba hialana amin'ny kolikoly.

Ankoatra izay, rehefa tara ny fitoriana ho an'ireo olona mahay taratasy, lasa misy fombafomba arahina vao mizotra araka ny tokony ho izy ny fitoriana. Noho izany, tsara raha itarina any amin'ny Distrika ny Biraon'ny Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly, mba tsy handany fotoana ho an'ireo olona manana raharaha ao aminy.

Mikasika ny fisorohana, tokony hampiana ny isan'ny mpiasam-panjakana any amin'ny Distrika satria maro ny olona no manao kolikoly mba tsy handoavany hetra. Ohatra amin'izany ny any Marolambo.

Momba ny fonja, tsy antonona ny gadra intsony izany, ka voatery apetraka any amin'ny havany izy ireo mandrapahatongavan'ny fotoana itondrana azy any amin'ny fitsarana. Endrika iray mahatonga ny kolikoly izany saingy tsy tonga any amin'ny BIANCO ny fitarainana mikasika izany.

Jereo akaiky ny mpiasam-panjakana manana fahasahiana hanatanteraka ity asa ity; ohatra, ny Zandary; omena "moto" sy solika izy mba ahafahany manenjika dahalo sy ireo mpanao kolikoly. Hafainganina ihany koa ny fikarakarana kopia sy ny taratasy ara-panjakana manamarina fa olom-pirenena ny olona iray mba tsy hisian'ny kolikoly eny amin'ny Kaominina sy ny Fokontany.

Marina avokoa ny voalazan'ny Solombavambahoaka namana teo hoy Andriamatoa RAKOTOMALALA Miarintsoa Andriantsitonta ary tsy hoe faly hampigadra olona isika, fa ny filaminan'ny tany sy ny firenena no tanjona. Angatahana ny hametrahana "camera de surveillance" isaky ny biraom-panjakana mba hampihenana ny kolikoly sady hanamora kokoa ny asanareo ny fisian'izany.

Nanambara Andriamatoa FIENENA Richard Désiré, fa aretina mamono antsika Malagasy ity resaka kolikoly ity satria avy any ambony foana ny ohatra, ka tokony hasiana fandinihana lalina ny momba izany amin'izay tsy ho lasa mpitari-bato vilam-bava, ka hafa no lazaina kanefa hafa no tondroin'ny tana.

Nanamafy ny resaka nataon'ny Solombavambahoaka namany, Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jo, fa marina daholo izay voalaza rehetra teo.

Nomarihany manokana ny momba ny “la loi des plus forts» eny amin’ny fitsarana. Mionona ny vahoaka madinika satria tsy afa-manoatra noho ny ataon’ireo olom-baventy sy mpanambola. Noho izany, tsy misy soso-kevitra atolotry ny BIANCO ve hisorohana izany hialana amin’ny fitarainana ataon’ny vahoaka kanefa mahalala izy fa azy ny rariny. Tsy afaka mametraka olona mitovy saranga amin’ny vahoaka madinika ve ianareo ao amin’ny Birao Mahaleotena Miady amin’ny Kolikoly mba hiaro azy raha misy fitarainana ataony.

Nametraka fanontaniana kosa Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime, momba ny fanadihadiana lalina ataon’ny BIANCO, indrindra amin’ny Distrika nahavoafidy azy; nambarany fa mila mitondra porofo vao azo entina eny amin’ny BIANCO ny fitoriana atao. Ohatra noraisiny, ny Kaominina Ambohimamarina satria “Délégué au Maire” tao ny tenany; nisy toerana filalaovana “basket” tao kanefa nanorenana tranon’ny ivon-ketra sy ny Kaomisaria. Ankehitriny, zara raha misy lalankely haleha satria voalaza fa efa misoratra amin’olon-kafa io toerana io. Misy kolikoly izany eo anivon’ny Kaominina sy ny “Domaine”. Afaka manadihady avy hatrany ve ianareo sa mbola miandry porofo avy atỳ aminay vao miroso amin’ny asa tokony hataonareo.

Rehefa tsy nisy nanan-kambara intsony ny Solombavambahoaka, nilaza Ramatoa Filoha, fa omena an’Andriamatoa Tale Jeneralin’ny BIANCO ny fitenenana hamaliany ireo fanontaniana sy fanamarihana nataon’ny Solombavambahoaka teo.

Nambaran’Andriamatoa ANDRIANIRINA Laza, Tale Jeneralin’ny BIANCO, fa hisy fiaraha-miasa amin’ny fitondrana lalàna eto amin’ny Antenimierampirenena, toy izay koa ny fametrahana “antenne régionale” any amin’ny Distrika tsirairay avy mba ahafantaran’ny vahoaka izay tokony hatao mikasika ny fitoriana.

Mila vavolombelona na porofo avokoa ny raharaha rehetra mba hialana amin’ny famonjana olona iray tsy manan-tsiny kanefa voaendrikendrika.

Mila fitandremana ihany koa ny fanaovana velapandrika ho an’ny olona iray na vitsitsy satria tsara raha manaraka lalàna foana rehefa manao zavatra iray; “livraison surveillée” no filazanay azy mba hanatratrarana ambodiomby izay olona minia mandika lalàna.

Tsy anjaran’ny BIANCO ny famindrana toerana mpiasa iray na mandroaka azy raha nandika lalàna izy, fa misy rafitra ambony misahana manokana izany.

Mikasika ny fampidirana am-ponja, tsy rafitra mahefa mikasika izany ny BIANCO, fa ny lalàna no manome fahefana feno azy manatanteraka izany izay vao manan-jo izahay.

Miankina amin’ny Antenimierampirenena koa izany raha toa misy lalàna tonga atỳ aminareo manome alalana anay hanao izany raha laninareo Solombavambahoaka.

Nanamarika, Andriamatoa Sekretera Jeneraly, fa mety hiteraka fitsaram-bahoaka ny famoriana olona, ka aleo tsy idirana satria hanimba ny asan’ny BIANCO amin’ny maha sasanangy samihafa azy no sady mifanohitra amin’ny lalàna ihany koa.

Tsy ny fahantrana no miteraka kolikoly, fa ny tsy fahampian’ny karama eto amintsika. Rehefa mandà tsy hanao ny olona iray, heverina fa ho foana ny kolikoly; amin’izay fotoana izay, miaina ampiadanana ny ambanilanitra.

Efa nanao fanaraha-maso sy fanadihadiana momba ny fandraisana ireo olona ho mpiasam-panjaka ambony ny BIANCO, manome toky izahay, fa hiditra amin'ny lafiny maty paika kokoa hialana amin'ny kolikoly amin'ireo fanadinana ataon'ny fanjakana.

Tsy misy olona ambonin'ny lalàna, raha mikasika ny mpitsara izay tsy mbola misazy. Fanadihadiana no ataon'ny Birao Mahaleotena Miady amin'ny Kolikoly, ka manatitra «dossier» any amin'ny fitsarana ambony aloha ary mpitsara namany ihany no mitsara azy rehefa misy izay tranga izay.

Fahefana tsy fehezin'ny "Procureur Général" no omena ny Tale Jeneralin'ny BIANCO, amin'ny maha mahaleotena anay ary manome baiko ireo mpiara-miasa izahay. Izay no tsy mampitovy ny fahefanay amin'ny OPJ.

Nanamafy, Andriamatoa Tale Jeneraly, fa hanao ezaka hametraka birao any amin'ireo Faritra manankarena, toy ny any Analanjirofo, mba hampihena an'izay kolikoly izay.

Manana fiteny manokana antsoina hoe: «mitoroka» ny BIANCO, efa ampiasaina izany amin'izao fotoana izao, afaka mampiasa solosaina isika, ka na any an-trano na aiza raha te-hifandray aminay dia afaka mitoroka mba hiadiana amin'ny resaka kolikoly.

Momba ny "caméra de surveillance", famporisihana anareo Solombavambahoaka no ataonay, mba hanentana ny olona hametraka izany eny amin'ireo toerana mety anjakan'ny kolikoly. Tokony harovana hatrany ireo olona manana ny rariny ka manentana anareo Solombavambahoaka, raha toa misy ny tsindry hazo lena mahazo ny vahoaka madinika mba hiaro azy ny hitoroka aty aminay.

Farany, tokony samy hahatsapa tena ny tsirairay mba hanome ohatra tsara hiadiana amin'ny kolikoly.

Mbola nomena fitenenana, Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien ary nambarany fa raha misy "caméra de surveillance" ao amin'ny biraon'Andriamatoa Tale Jeneraly, tokony hasiana koa any amin'ny biraon'ny "Procureur Général" satria raha misy olona mitondra vola be hanaovany kolikoly aminy kanefa tsy mety mandray izy, afaka mitory an'io olona io ve izy.

Namaly Andriamatoa Tale Jeneralin'ny BIANCO, fa azo toriana io olona manana eritreritra hanao kolikoly io ary eo noho eo ihany dia azo atolotra ny fitsarana.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Ramatoa Filoha dia ny fisian'ny fihaonan'ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera Maharitra maromaro amin'ny UNICEF, hatao ny Alakamisy 14 Novambra 2019 manomboka amin'ny 10 ora, maraina, ato amin'ny efitrano fivoriana.

Niato tamin'ny 6 ora sy 25 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona